"…AMPY HO ANAO NY FAHASOAVAKO…" - II KOR. 12.9

(HIRA JOBILY PASTORA ANDRIANARIJAONA GERMAIN MIVADY - TONIA FIFIL NASIONALY –TAONA 2018)

1.- Andriamanitra ô! Ray Mpamindra fo
Miantso ny Anaranao izahay
Noho izao fotoan-tsarobidy izao
Saotra no indro atolotray

Isan'andininy :
Ampy ho anay ny fahasoavanao,
Nampijoro ka nahatoy izao anay,
Fa ny herinao, tanterahina
Amin'ny fahalemena.

2.- Ry Jesosy ô, ny fitiavanao,
Lehibe tsy tratry ny sainay !
Laläàn-tsarotra nitantananao,
Fandresena natolotrao.

Isan'andininy : …

3.- O! Avia Fanahy Masina ô!
Fantatrao, tsy mendrika izahay
Koa meteza indray hanavao anay,
Hanazava ny làlanay.

Isan'andininy farany (miverina indroa):
Ampy ho anay ny fahasoavanao,
Nampijoro ka nahatoy izao anay,
Koa isaoranay ny Anaranao,
Lehibe ny fitiavanao.

Tonony sy Feony :
RAZAFIMAHALEO Andriamasitera

Arrgt Musical & Instrumental :
RAKOTO David Manjaka

Fantaro ny
Fiangonana Loterana Malagasy PARIS

Mankalaza ny faha 25 taona nitsanganany ny FLM Paris.
Voalohany, dia isaorana Jesosy Kristy, Tompo sy Lohan'ny Fiangonana noho ny fahasoavany ka nahatratra izao tsingerin-taona izao. Tsaroana amin'izany ny Teny nampitondrana an'i Paoly Apostoly hoe : « Ka dia tsinontsinona izay mamboly, na izay mandena, fa Andriamanitra izay mampitombo no izy » (1 Kor. 3 :7)

Tsy hay hadinoana ary tsy misaraka amin'ny tantara ny fijoroan'ny FLM aty Frantsa ny hafatra nampitondran'i Jesosy an'i Mama Volahavana Germaine, fantatry ny maro amin'ny anarana hoe « Nenilava ». Izao no fanambarana nataony tamin'ny taona 1991 : « Atsangano ny FLM any Frantsa fa maika Jesosy ». ary ny Teny nomena niaraka tamin'izay manao hoe : (Deot 31,8)« Ary Jehovah no mandeha eo alohanao ; ary Izy no hiraka aminao ; tsy handao anao na mahafoy anao Izay ; koa aza matahotra mivadi-po ianao »

Toy izao ny daty tsara tadidiana :

•1971 Nambaran'i Mama Nenilava tamin'ny Pastora Rabemanantsoa Noël fa hitsanagana ny Fiangonana Loterana Malagsy eto Frantsa

•1991 Tamin'ny faha 50 taonan'Toby Lehibe Ankaramalaza, dia nanamafy io hafatra io Mama Nenilava tamin'Atoa Jeremia Raharijaonarivelo, araka izao teny izao
« Atsangano ny FLM any Frantsa, fa maika Jesosy » Niaraka tamin'ny teny fikasana araka ny Deot 31,8 voalaza etsy ambony.

•1991 Mbola nohamafiny koa izany tamin'ny isan-taona ny Toby Ambohibao, tamin'ireo zanany avy aty Frantsa tonga nanatrika io fotoan-dehibe io (10 Novambra 1991)

•1992 Nivory ny zanaky ny loterana nanangana ny FLM Paris

•1993 Nahazo tso-drano avy FLM hitsangana'ny FLM Frantsa
Natokana ny FLM Paris ny 20 Jona 1993, notarihin'ny Filoha ny FLM, Pastora Dr Rabenorolahy Benjamin

•1994 Natolotra ho Pastoran' ny FLM Paris, Pastora Edmond Raharijaonarivelo

•1995 – 2018 : Ireto avy ny zanaky ny FLM Paris

• FLM Limoges ; FLM Orléans ; FLM Châteauroux ; FLM Bordeaux ; FLM Arcueil (Malakoff); FLM Nantes ; FLM La Rochelle ; FLM Bruxelles ; FLM Suisse (Genève) ; FLM Le Mans.(Marihina fa ny sasany amin'ireo dia efa mirafitra amin'ny Fileovana hafa)

☞ Ireto avy ireo Pastora nandalo sy niara niasa teto amin'ny FLM Paris

•Pastora isany : Rabemanantsoa Noël ; Rakotojaona Eugene ; Andriamihaja Josefa ; Raseta; Flavien Voolatombo;
Andriamparany Christian ; Ramarokoto Hery ; Randriamalala Edson ; Andriamahenina Mamy. Edmond Raharijaonarivelo.

☞ Ireto avy ny Katekista na nanao raharaha katekista teo amin'ny FLM Paris
Edmond Raharijaonarivelo ; Laza Nomenjanahary ; Edson Randriamalala ; Lun Tsio ; Rabarimanana Herimandimby ; Randriamalala Mirahoson.

FIANGONANA LOTERANA MALAGASY (F.L.M.)

Synoda FLM Eoropa

F.L.M. - Paris



JESOSY IRERY IHANY

Paris faha 23-24 Jona 2018

Asabotsy : Fotoana hoan'ny mpiandry sy mpiomana

Alahady: Fotoam-pivavahana misy fandraisana Jobilin'ny Pastora Andrianarijaona Germain mivady

Toerana : 7 rue Marie Rose, 75014 Paris

Site web : ***www.flmparis.org***

ASABOTSY 23 Jona 2018

Famangian'ny Tonia nasionaly Pastora ANDRIANARIJAONA Germain, miaraka amin'ny Tonia Fifil SP-FLME, Katekista Jean RANDRIAMBOLOLONA.

14H30 **Fandaharam-potoana**

Tapany I **(14h30 à 17h)**

Teny fiarahabana : - Katekista Ralamboson Haja
Filoha Fifil Fileovana Paris

- Mpitarika: - Atoa Nomenjanahary Jeannot
Filoha ny Fifil Fitandremana Paris
- Vakiteny
TT: Fifil fitandremana Limoges
Epistily : Fifil Fitandremana Orléans

- Fampianarana Soratra Masina:
- Pastora ANDRIANARIJAONA Germain,
Tonia nasionaly Fifil

- Filazan-draharaha

- Rakitra sy fanolorana ny rakitra

- Vavaka famaranana : (Fifil Fitandremana Paris)

FIALANA HETAHETA

Tapany II **(17h – 18h00)**

- Mpitarika:
- Katekista RAJOHARISON Maurice

Toriteny: - Katekista RANDRIAMBOLOLONA Jean
Tonia Fifil SP-FLME

Tapany III **(18h – 19h30)**

Dinidinika ho an'ny mpiandry sy mpiomana

Vavaka famaranana : Atoa RAKOTOMAVO Stanislas

ALAHADY 24 Janoary 2018

Fotoam-pivavahana Litorjika sy fandraisana ny Tompo
sady fankalazana ny jobilin'ny
Pastora ANDRIANARIJAONA Germain mivady

11H30 **Fanompoam-pivavahana**

Hira fidirana: 240
Pastora: Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Amen!
Vavaka Fanombohana :
Hira 174
Leksiona sy Epistily
-Test.Taloha : Isaia 58 : 6-12
-Epistily: Rom. 14: 1-12
Hira 212
Filazantsara : Mat. 5 : 36-42
Hira 244

TORITENY: Pastora RAHARIJAONARIVELO Edmond
(Mat. 7: 1-6)

Hira. 531
Filazan-draharaha
Rakitra: 12-537-432-753

JOBILY
Hira Jobily *" Ampy ho anao ny fahasoavako …"*
Tantara
Fandraisam-pitenenena
Fandrotsahana Valopy Jobily (173-441-545)

PREFASIONA
Hira 254
Fandraisana (90-92-107-110-98-109)
266

TSO-DRANO
Vavaka farany
Hira farany : 701

Jobily ho fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra sy fankasitrahana an'i

Pastora ANDRIANARIJAONA Germain mivady

Tonia Nasionaly FiFiL

Noho ny niasany nandritra ny 35 taona
Teo amin'ny sahan'ny FLM

"Ampy ho anao ny fahasoavako…" 2Kor.12:9a

Ny Pastora sy ny Komity Fifil Fileovana Paris dia faly manasa anareo mivady sy ny ankohonana ary ny fianakaviana hiaraka hifaly sy hiaraka hisakafo amin'ny Fiangonana manontolo ao aorian'ny fotoam-pivavahana.